# Ilay Voa Tsara Nafafy 31 Desambra 2018

# 31 **Alatsinainy**
desambra

**Jesosy … niantso nanao hoe : Raha misy olona mangetaheta, aoka izy hanatona Ahy ka hisotro.**
Jaona 7. 37

**Na iza na iza no misotro ny rano izay homeko azy dia tsy hangetaheta mandrakizay ; fa ny rano izay homeko azy dia ho loharano miboiboika ao anatiny ho fiainana mandrakizay.** Jaona 4. 14

**Amen ; avia, ry Tompo Jesosy !**

*Rehefa ho avy Ianao, mamirapiratry ny voninahitra,*
*Handray ny olonao hiaraka aminao mandrakizay,*
*Ho fahasambarana tokoa izay ! Amin'ny hiakam-pd,*
*Amin'ny indray mipy maso no handehananay any aminao.*

*Rehefa hiditra ao an-tanàna masina izahay,*
*Nandao ny zavon'izao tany izao,*
*Dia hahita Anao ao an-tranon'ny Ray aho,*
*Hahita Anao aho, ry Jesosy, amin'ny hatsaran-tarehinao.*

*Fotoana sarobidy loatra, rehefa hahare ny antsonao*
*Ireo olom-boafidinao rehetra, avy any am-paran'ny tany.*
*Amin'io maraina iposahan'ny mazava io,*
*No handraisanao azy ireo ho mandrakizay any an-danitra.*

*Omany aho, ry Tompo, ho amin'izay maraina izay,*
*Hamelombelona indray ny hafanam-po*
*anie izany fanantenana izany !*
*Io ilay tanjona, eny, dingana vitsivitsy sisa,*
*Tsy ho ela, tsy ho ela dia hiseho Ianao, ry Tompo !*

*Ruth Demaurex*
*(Fihirana kristiana : „Mankanesa atỳ amiko")*